

Nizara fatana masoandro sy fatana mitsitsy 300 mahery

Tokantrano miisa 200 maheryny nahazo tombontsoa tamin'ny fizarana fatana masoandro sy fatana mitsitsy miisa 300 (fatana mitsitsy 200 sy fatana masoandro 100), ny sabotsy teo, tao amin'ny sekoly Al Noor, ho fanohizana hatrany ny fizarana fatana (fours solaires, foyers améliorés) miisa 1 500 amin'ity taona ity, noho ny fiarahamiasa misy eo amin'i ADES sy ny Rotary Club Toliara. Ny fokontany Motombe-Tanambao indray no nahazo tombontsoa tamin'io andro io. Toy ny mahazatra dia nisy ny fiofanana mialoha nomena ireo vehivavy renim-pianakaviana sy ny fandraisana anjara biriky kely vola 10.000 Ar (kits). "Mba hialana amin'ny toe-tsaina zatra tolora na omena maimaim-poana (bojo) no nanaovana an'io fa tsy fitadiavam-bola akory. Sady ho fandraisan'ny anjara mavitrika sy lehibe eo amin'ny ady sy ny fiarovana ny tontolo iainana, no entina anasoavana ny mpiara-belona eo amin'ny fanatsarana hatrany ny fari-piainany (tahiry) no tanjonay", hoy ny talen'ny ADES Toliara,



Randrianirina Patrick. "Mila mampiasa azy ianao vao mahazo sy mahita ny tombontsoa azo aminy. Na dia sarotra aza ny manova ny toe-tsaina mahazatra eo amin'ny fampiasana ny angovo toy ny saribao sy kitay, dia lalana tsy azo idovirana io noho ny fitombon'ny zanak'olombelona", hoy kosa ny filohan'ny Rotary Club, Rudolph Bos. "Ezaka iombonana izy ity", hoy ny Tale Nasionalin'ny ADES, Otto Frei, teratany soisa monina eto Toliara. "Koa mangataka ny fiarahamiasa aminareo rehetra tsara sitrapo sy malala-tanana tsy ankanavaka..."

Fisaorana kosa no natolo-

try ny lehiben'ny fokontany, Alexandre: "manala fahasahiranana ho anay vahoaka tokoa izao fizarana fatana izao koa matokisa ianareo mpanome fa hotanterainayantsakany sy andavany ny toromarika nomenareo". Marihana moa fa ny Rotary Club any Zurich Oberland no namatsy vola sy niara-niasa tamin'ny Rotary club Toliara tamin'ny fizarana fatana tamin'ity taona ity sy tamin'ny herintaona, fokontany 15 eto antampon-tanana n'i Toliara no mahazo tombontsoa amin'izany. Tsara ihany koa ny manamarika fa feno folo taona izao no nijoro sy niasa teto Madagasikara ny ADES ary Rtoa Regula

Ochsner, vehivavy teratany soisa no nanorina azy.

Angovo tsy maintsy ampiasaina

Mila fiovana fihetsika ny fampiasana fatana masoandro izay tsy dia mahazatra firy nefa ananantsika tombontsoa lehibe. Mitodika mankany amin'ny fampiasana ny angovo azo avaozina amin'izao fotoana izao ny zanak'olombelona fito lavitrisa ankehitriny, indrindra ny angovo azo amin'ny herin'ny masoandro, tsy maintsy ampiasaina. Sady mampihena ny tsindry amin'ny fanimbana ny tontolo iainana sy mampihena ihany koa ny gazy karbonika alefantsika eny amin'ny habakabaka (sosona ozonina) izany. Mihena tokoa mantsy ny vola lany amin'ny fividianana saribao raha mampiasa ny fatana masoandro. Tombony ho azy, sady madio no ara-pahasalamana ary tsy mandany fotoana. Ny fokontany Ampasikibo moa ny hamaranana ity fizarana ity ny volana novambra ho avy io.

Eric RAKOTOSON

Alakamisy 3 novambra 2011

ADES Toliara

Fatana masoandro sy fatana mitsitsy maherin'ny 300 nozaraina tao amin'ny fokontany Motombe-Tanambao

Tokantrano miisa 200 mahery no nahazo tombontsoa tamin'ny fizarana fatana masoandro sy fatana mitsitsy miisa 300 (fatana mitsitsy 200 sy fatana masoandro 100), ny sabotsy teo, tao amin'ny sekoly Al Noor. Ho fanohizana hatrany ny fizarana fatana (fours solaires foyers améliorés) miisa 1.500, amin'ity taona ity, noho ny fiarahamiasa misy eo amin'i ADES sy ny Rotary Club Toliara. Ny fokontany Motombe-Tanambao indray no nahazo tombontsoa tamin'io andro io. Toy ny mahazatra dia nisy ny fiofanana mialoha nomena ireo vehivavy renim-pianakaviana sy ny fandraisana anjara biriky kely, vola 10.000 Ar (kits). "Mba hialana amin'ny toe-tsaina zatra tolora na omena maimaim-poana (bojo) no nanaovana an'io fa tsy fitadiavam-bola akory. Sady ho fandraisana anjara mavitrika sy lehibe eo amin'ny ady sy ny fiarovana ny tontolo iainana, no entina anasoavana ny mpiara-belona eo amin'ny fanatsarana hatrany

tanjonay", hoy ny tale ADES Toliara, Andriamatoa Patrick Randrianirina. "Mila mampiasa azy ianao vao mahazo sy mahita ny tombontsoa azo aminy. Na dia sarotra aza ny manova ny toe-tsaina mahazatra eo amin'ny fampiasana ny angovo toy ny saribao sy kitay dia lalana tsy azo idovirana io, noho ny fitombon'ny zanak'olombelona", hoy kosa ny filohan'ny Rotary Club, Atoa Rudolph BOS. Nohamafisiny ny hoe: "entano ny manodidina anao mba ho resy lahatra hampiasa ihany koa (mifanabe)". Ezaka iombonana izy ity, hoy ny Tale Nasionalin'i ADES, Atoa Otto Frei, teratany soisa, monina eto Toliara, "Koa mangataka ny fiarahamiasa aminareo rehetra tsara sitrapo sy malala-tanana tsy ankanavaka ny tenany, mba hoentintsika manatsara bebe kokoa ny fari-piainan'ny Malagasy, ny tontolo iainana ary ny hana-maivanana ny fihazaoan'ny olona ny fitaovana". Fisaorana kosa no natolotry ny lehiben'ny fokontany, Atoa

fahasahiranana ho anay vahoaka tokoa izao fizarana fatana izao, koa matokisa ianareo mpanome fa hotanterainayantsakany sy andavany ny toromarika nomenareo". Marihana moa fa ny Rotary Club any Zurich Oberland no namatsy vola sy niara-niasa tamin'ny Rotary club Toliara tamin'ny fizarana fatana tamin'ity taona ity sy amin'ny herintaona. Fokontany 15 eto antampon-tanana n'i Toliara no mahazo tombontsoa amin'izany. Tsara ihany koa ny manamarika fa feno folo taona izao ny nijoro sy niasa teto Madagasikara ny ADES ary Ramatoa Regula Ochsner, vehivavy teratany soisa no nanorina azy. Mila fiovana fihetsika ny fampiasana fatana masoandro izay tsy dia mahazatra firy nefa ananantsika tombontsoa lehibe. Mitodika mankany amin'ny fampiasana ny angovo azo havaozina amin'izao fotoana izao ny zanak'olombelona fito lavitrisa ankehitriny, indrindra ny angovo azo amin'ny herin'ny masoandro, tsy maintsy

hena ny tsindry amin'ny fanimbana ny tontolo iainana sy mampihena ihany koa ny gazy karbonika alefantsika eny amin'ny habakabaka (sosona ozonina) izany. Mihena tokoa mantsy ny vola lany amin'ny fividianana saribao raha mampiasa ny fatana masoandro. Tombony ho azy, sady madio no ara-pahasalamana ary tsy mandany fotoana. Fandraisana anjara mavitrika sahaday amin'ny fiarovana ny tontolo iainana izany rehetra izany. Vokany, sady ara-pahasalamana no misy ny tahiry (économie). Niavaka noho ny hatramin'izay ihany, koa ny fizarana tamin'ny indray mitoraka ity, noho ny fisian'ny hetsika ara-javakanto nampihetsi-po tokoa na teo amin'ny dihy mirindra izany na teo amin'ny tononkalo nataona vehivavy iray mpahazo tombontsoa. Ny fokontany Ampasikibo moa ny hamaranana ity fizarana ity ny volana novambra ho avy io.